# Voly Acacia ho fanatsarana ny nofotany



*Acacia crassicarpa maniry any Bongolava (Afovoany andrefana)*

Simba toy ny tontolo iainana koa ny nofotany

## Ireo tranga ahafantarana fa simba ny nofotany

- Fihenan'ny vokatra azo amin'ny fambolena
- Fihotsahan'ny tany



*Tany mihotsaka*

- Fiforonan'ny lavaka

## Ny antony mahasimba ny nofotany

- Fitrandrahana tsy manarampenitra ny tany
- Doro-tanety
- Fiovaovan'ny toetr'andro
- Fahasimban'ny tontolo iainana indrindra ny faharinganan'ny ala



*Nofotany karakaina*

## Inona avy ireo vokany ?

- Mihamanify ny nofotany
- Very sy mitsika any ambanin'ny tany ireo singa mamaritra ny tsiron'ny tany
- Karakaina ny tany

## Aleo misoroka toy izay mitsabo !

Tokony hokajiana sy kolokoloina ny nofotany ka atao amin'ny fomba manarapenitra. Izany anefa dia mila fotoana maharitraritra ka ilana faharetana (2-4 taona).

Ny fampiasana zezika mineraly na zezipako na zezipahatra dia fomba iray entina manatsara fotsiny ihany ny tsiron'ny tany.

Ny fambolena ny "Savoka nohatsaraina" na « Jachère améliorée » no fomba tsotra sady tena mahomby entina mikojakoja ny nofotany, satria sady manamasaka no mamelomaso indray ny nofotany. Ny fampiasana ireo karazankazo madinika iray fianakaviana amin'ny legiominoza toy ny Acacia no tsara indrindra.

## Inona avy no azo ampiasana ny Acacia amin'ny fambolena

Azo ampiasaina amin'ny :

- Ala vadimboly (Alley cropping)
- Valavelona na tako-drivotra
- Savoka nohatsaraina na « jachère améliorée »
- Alokaloka (toy ny amin'ny Kafe)
- Hazo-kirihitra na « broussaille »

### Fomba fambolena Acacia

Lomana dimy minitra ao anaty rano mangotraka ireo masomboly avy eo alona rano mangatsiaka mandritry ny iray andro (24 ora), avela hitsiaka izay vao afafy.

***Famafazana*** : - afafy amin'ny taniketsa-janakazo ireo masomboly, izay vao aketsa
NA
- afafy mivantana ao anaty « pot »

### *Fikarakarana sy fikojakojana ireo zanakazo :*

Tondrahana isan'andro ;
Asiana alokaloka ;
Esorina ny ahidratsy.

### Fikarakarana ny tany

- Tsaratsara raha hasaina amin'ny angadin'omby ny tany hovolena mba hamongorana ireo ahidratsy mety hampitarazoka ny faniriny zanakazo.
- Raha toa eny amin'ny sahadriaka no hovolena, dia kapaina fohy dia fohy ny bozaka.

Habehan'ny lavakazo : (**20cm x 20cm x 40cm**).



*Zanakazo Acacia (telo volana)*

### Fampiasana zezika

- Zezipako na zezipahatra : Fatra : 2 kg isaky ny fototra

### Fambolenkazo

Mielanelana **1 - 2m** X **1 - 2m** ny lavakazo roa mifanakaiky

### Fotoampambolena

Mandritry ny fahavaratra : volana novambra – marsa (tsaratsara raha amin'ny fiandohan'ny orana)

### Fikarakarana

Ny fisorohana na ny fanesorana ny ahidratsy dia tsy maintsy hatao mandritry ny taona voalohany aorian'ny fambolena.

Ny fametrahana ny tatak'afo manodidina dia tsy maintsy hatao mba ho fiarovana amin'ny dorotanety

## Vokatra azo avy amin'ny « savoka nohatsaraina »



*Mihamatevina ny nofotany misy Acacia.*

- Miova ny toetriny tany
- Mihamatevina ny nofotany
- Mihalonaka ny tany
- Mitombo ny fatran'ireo singa mamaritra ny tsiron'ny tany

## Tombotsoa azo amin'ny fampiasana Acacia

- Ny "savoka nohatsaraina" amin'ny Acacia dia mamokatra kitay 78,5m³/ha.
- Ny ravina Acacia dia ampiasaina hatao zezipako satria sady mora masaka no mahavokatra be.
- Azo ampiasaina amin'ny fitsaboana ireo aretina maro samihafa ny acacia : ny dity-na acacia dia enti-mitsabo ny areti-nify, aretiny voa, sery, gripa ary ny areti-po.
- Ampiasaina amin'ny fikarakarana ny hoditr'omby koa ireo hodikazo–na Acacia.

## Ireo Acacia fanamasahana ny nofotany

*Acacia albida,*
*Acacia auriculiformis,*
*Acacia leptocarpa,*
*Acacia holosericea,*
*Acacia mangium,*
*Acacia nilotica,*
*Acacia dealbata,*
*Acacia mearnsii,*



*Voni-na Acacia holosericea*

## Ireo karazankazo hafa azo ampiasaina ho fanatsarana ny nofotany

***Hazo*** :

*Calliandra callothyrsus, Entada chrysostachis, Gliricidia sepium, Moringa oleifera, Prosopis juliflora,* etc…

***Hazo madinika*** :

*Cajanus cajan, Crotalaria grahamiana, Crotalaria palida, Crotalaria spp, Dodonea madagascariensis, Flemengia congesta, Flemengia macrophylla, Leucaena diversifolia, Leucaena leucocephala, Psiadia altissima, Sesbania sesban, Sesbania bispinosa, Sesbania grandifolia, Tephrosia vogelii, Tephrosia candida, Opuntia, Ficus indica* (cactus inerme), etc…

**Mpanoratra :**

- **Andriamampandry Hanitra V.** (*)

(*) Mpikaroka ao @ Département de Recherches Forestières et Piscicoles (FOFIFA/DRFP)